HEBREO, TOKO FAHAROA 2

. . .tonga aloha, ary nianatra an'ireo Soratra, mba ahafahany mampitaha an'izany sy hahita raha izany no Fahamarinana na tsia. Noraisiny izany, ny Fahamarinana, araka ny Testamenta Taloha. Ankehitriny, Paoly dia mpahay Testamenta Taloha iray. Firy no mahafantatra an'izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Nampianarina teo ambanin'ny iray tamin'ireo mpahay tsara indrindra tamin'ny androny izy, Gamaliela, mpahay malaza. Ary nahafantatra ny Testamenta Taloha i Paoly. Ary heveriko fa ny fandonany voalohany, araka ny nolazaiko aninkeo maraina, rehefa vavolombelon'ny fahafatesan'i Stefana izy. Nisy zavatra tsy maintsy nihazona an'i Paoly, satria manerana ny sorany rehetra dia nanohy nitodika tamin'izany izy hoe, "Tsy mendrika aho, satria nanenjika hahafaty ny Fiangonana. Izaho no kely indrindra amin'izy ireo."

95 Oh, saingy Andriamanitra dia nanana fisainana hafa ny amin'izany. Izy no iray tamin'ireo lehilahy mahery indrindra an'ilay andro.

> Jereo Masindahy Paoly, ilay apostoly lehibe
> Miaraka amin'ny akanjony tena mamiratra sy tsara tarehy, (hoy ilay poety)
> Oh, azo antoka fa tsy maintsy hisy horakoraka iray
> Rehefa mihaona Any isika rehetra.

Io Andro malaza io izay ahitako azy mandray satroboninahitry ny maritiora iray, valisoan'ny maritiora!

96 Nitsangana teo akaikin'ilay fefy kely tranainy aho, teto vao tsy ela akory izay, izay nanoratany an'ireto Epistily ireto. Ary avy eo dia notapahin'izy ireo ny lohany. Ary natsipin'izy ireo tao anaty tatatra izy, mba hanadio an'ilay tatatra. Ary ity Jiosy kely ity tany, hoy izy hoe, "Mitondra an'ireo marik'i Jesosy Kristy eo amin'ny vatako aho. Niady tamin'ireo bibidia aho tany Efesosy, saingy niady ny ady tsara aho. Nahavita ny hazakazako aho. Nihazona ny Finoana aho. Ary hatramin'izao, dia misy satroboninahitry ny fahamarinana voatahiry ho ahy, izay ny Tompo, ilay Mpitsara marina, no hanome ahy amin'izany Andro izany. Ary tsy izaho ihany, fa ireo rehetra izay tia ny Fisehoany." Toy ny ahoana no itiavako an'izany! Oh, te-ho voaisa miaraka amin'izy ireo aho! Nihira hira iray isika fahiny hoe:

> Oh, tianao ve ny ho voaisa ho iray amin'ny Andiany?
> Tianao ve ny ho voaisa ho iray amin'ny Andiany?

Aoka tsy hisy pentina ao anaty, aoka hiambina sy
hiandry an'io fampisehoana ho banjinina io;
Ho avy indray Izy.

97 Te-ho isan'izy ireo aho. Ankehitriny manohy ilay mpanoratra, manao hoe:

*Amin'izany dia tokony hotandremantsika . . . mafimafy kokoa ireo zavatra izay efa ren*tsika, *fandrao havelantsika handalo izy ireny amin'ny fotoana rehetra.*

98 Araka ny nianarantsika teo amin'izany, aninkeo maraina, ny andininy faha-2 dia manao hoe, "Raha . . . "

Fa raha ny teny izay nampilazaina *ny anjely . . .*

99 Inona no hitantsika ny amin'ny hoe *anjely*? Mpaminany. "Andriamanitra dia niteny tamin'ny fotoana samihafa . . . " Ankehitriny, ianareo dia tokony haka, tsy ny hevitsika manokana, fa ny Baiboly. Ankehitriny ny toko faha-1, an'ny . . . toko faha-1, ny andininy faha-1.

Andriamanitra, izay tamin'ny fotoana samihafa . . . fanao samihafa dia niteny . . . tamin'ireo razana tamin'ny alàlan'ireo mpaminany,

100 Ankehitriny dia mandeha eto izy, ary milaza indray.

Fa raha ny teny nampilazaina ny anjely no *natao mafy, . . .*

Ary inona no dikan'ny *anjely* iray? "Iraka." Raha nanosotra iraka Andriamanitra . . . Ary amin'izay fotoana izay raha voahosotra isika, dia irak'Andriamanitra isika. Iraka ho an'izao tontolo izao isika, ambasadaoron'ny Lanitra, milaza fa mpivahiny sy vahiny isika. Tsy avy amin'ity izao tontolo izao ity isika. Fa mitady Tanàna iray ho avy isika, izay Andriamanitra no Mpanorina sy Mpanamboatra. Tsy mihary harena eto amin'ity tany ity isika, izay idiran'ny mpangalatra, sy kalalao, arafesina, ary lò. Fa, ny harenantsika dia mipetraka any An-danitra, izay misy an'i Jesosy mipetraka eo an-tànana ankavanan'ny Fiandrianana. Oh, zavatra mahafinaritra sy be voninahitra toy ny inona, ny mahafantatra fa:

Ny fanantenantsika dia tsy miorina amin'ny inona
na inona
Afa-tsy ny ràn'i Jesosy sy ny fahamarinana;
Rehefa mirodana manodidina ny fanahiko ny
rehetra,
Dia Izy amin'izay fotoana izay no fanantenako
rehetra sy tohako.

Eo amin'i Kristy, ilay Vatolampy mafy, no ijoroako;
Ny tany hafa rehetra dia fasika miletsy,
Ny tany hafa rehetra dia fasika miletsy.

101 Toy ny ahoana no nanoratan'i Eddie Perronet an'io hira io, tamin'ireo fotoan'ny fanenjehana!

> Ankehitriny, *raha ny teny* nampilazaina *ny anjely no natao mafy,* . . . (Rehefa niteny ny Teny ilay irak'Andriamanitra, dia nifahatra Izany.) . . . ary ny famalian-tsoa rehetra *dia nandray ny valim-pitia marina an'ny famalian-tsoa;*
>
> *Ahoana no handosirantsika* ankehitriny, *raha toa isika ka* tsy mihaino an'i Kristy, Izay miteny avy any An-danitra?

Diniho ankehitriny.

> *Ahoana no handosirantsika, raha tsy mitandrina an'izao famonjena lehibe izao isika;* . . . (Eritrereto izany.) . . . *izay* tamin'ny *voalohany* indrindra *dia nampilazaina ny Tompo,* . . .

102 Nanomboka ny Asany Kristy. Inona no Nataony? Mandinika Azy isika, ahoana Izy . . . manetry tena, tsotra, ahoana fa tsy lehilahy iray malaza tahaka ny teolojiana iray Izy. Fa nanetry tena Izy, malemy fanahy, mora fanahy. Tsy mpitory teny mahery iray Izy. Tsy re teny an-dàlambe Ny Feony.

Fa Jaona no nivoaka toy ny liona mierona iray. Mpitory teny iray izy.

103 Nandroso Jesosy, tsy toy ny liona mierona iray, fa Andriamanitra no niasa niaraka Taminy, nanamarina ny Teny. Niaraka tamin'i Kristy Andriamanitra. Nilaza i Petera, tamin'ny Andron'ny Pentekosta hoe, "Ianareo lehilahin'ny Isiraely, ary ianareo izay monina any Jodia . . . Jesosy avy any Nazareta, Lehilahy iray nasehon'Andriamanitra teo anivonareo, tamin'ny famantarana sy fahagagana ary zava-mahagaga, izay nataon'Andriamanitra tamin'ny Alàlany, teo afovoanareo rehetra, ka ianareo rehetra no vavolombelona." Diniho hoe toy ny ahoana no nanapaingorany an'izany teo amin'izy ireo. "Tokony ho nahafantatra Azy ianareo."

104 Hoy Jesosy hoe, "Ianareo mpihatsaravelatsihy." Hoy Izy, "Mivoaka ianareo ka mijery ny masoandro, ary ianareo . . . Raha mena sy maizimaizina izany, dia hoy ianareo hoe, 'Ho ratsy ny toetr'andro.' Ary raha mamiratra sy mibaliaka izany, na ny sisa, dia hoy ianareo hoe, 'Ho tsara tarehy ny toetr'andro.'" Hoy Izy, "Hainareo ny mamantatra ny lanitra, saingy ireo famantaran'ny fotoana, dia tsy hainareo fantarina. Fa raha nahafantatra Ahy ianareo, dia ho nahafantatra ny Androko."

105 Oh, izany no Antsoantsoiny izao hariva izao. Toy ny ahoana no iantsoantsoan'Ny Fanahiny amin'ny alàlan'ireo Mpitory teniny hoe, "Antomotra ny ora!"

Mamantatra isika. Mandinika an'ireo baomba atomika isika. Fantatsika hoe iza no haka ny toeran'i Clark Gable, ary iza

no hanao an'*ity*, *itsy*, na ny *hafa*; na iza no ho filoha-lefitra. Izany no mahaliana antsika, fa tsy mahay mamantatra an'ireo famantaran'ny fotoana isika. Eo amin'ny farany isika.

106 Inona izany? Isika dia tena liana amin'ny hoe, "Inona no fandaharana manaraka an'ny televiziona? Inona no hataon'i Susie?" na iza no anaran'ilay vehivavy. "Ary handeha ho aiza i Arthur Godfrey? Karazana vazivazy inona no havoakany amin'ny fotoana manaraka?" Isika, amin'ny maha-Kristiana, dia manasesika ny saintsika ho feno fahadalana tahaka an'izany, nefa tokony ho ao amin'ny vavaka isika any ho any, ka handinika ny Baiboly, mba hahafantatra an'ireo famantaran'ny fotoana izay iainantsika.

107 Ny manao an'izany, matetika, dia ireo polipitra malemy, marina izany, izay tsy tonga ka mitondra ny Fahamarinan'ny Filazantsara. Hamaly ny amin'izany isika amin'ireo andro ho avy. Tsy tokony tsy hitandrina ny zavatra rehetra isika. Ary ireo olona, tahaka antsika eto amin'ity Branham Tabernacle ity, mahita an'ireo famantarana sy fahagagana, ary ny herin'i Kristy nitsangana; ary mahafantatra avy eo fa isika dia nametraka ny—ny fotoantsika eo amin'ireo zavatra hafa, ary tsy mitandrina ny hihaino ny Feon'ny Tompo Jesosy, "Ahoana no handosirantsika, raha tsy mitandrina an'izao famonjena lehibe izao isika?"

108 Ny andininy faha-3, na ny andininy faha-4. Teto no namaranantsika, teo amin'ny andininy faha-4, aninkeo maraina.

Andriamanitra koa no nanambara taminy, . . . (Oh, oadray!)

Andriamanitra . . . nanambara taminy, . . .

Henoy ny Teny.

. . . *tamin'ny famantarana . . . fahagagana, ary tamin'ny zava-mahagaga samihafa,* . . .

Inona ny hoe zava-mahagaga *samihafa*? Inona ny *samihafa*? *Samihafa* dia midika hoe "maro." "Tamin'ny zava-mahagaga *maro*, no nanambaran'Andriamanitra." O Andriamanitra! Matoky aho fa hilentika ao am-ponareo Izany. Henoy.

109 Iray amin'ireo pasiteranareo aho, miaraka amin-dRahalahy Neville eto. Tiako ianareo handray an'Izany ho voatahiry. Hoy ny Baiboly hoe, "Raha misy anankiray mitsangana eo anivonareo, ka milaza an'*izao-sy-izao*, nefa tsy miseho ilay izy, dia aza mihaino an'izany, fa tsy Izaho no niteny. Fa raha miteny amin'Ny Anarako izy, ka izay lazainy dia miseho, amin'izay fotoana izay dia henoy Izany." Amena. "Fa Izaho no momba an'izany mpaminany izany, na mpitory teny, na mety ho inona izany. Raha miseho izay lazainy, amin'izay fotoana izay dia henoy izy."

110 Ankehitriny, ry sakaiza, ndao isika hihaino Azy, ny Fanahy Masina izay miresaka eo afovoantsika, maneho an'ireo zava-mahagaga samihafa, sy ireo famantarana, ary fahagagana.

Ndao isika tsy handalo eo ambonin'Izany fotsiny toy ny hoe trangan-javatra tsotra fotsiny. Ndao isika hahatsiaro fa Izany no Jesosy Kristy, ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay; manamarina Ny Teniny. Tsy maintsy manao an'izany isika. Oh, ataovy izany azafady. Aoka hitandrina. Aoka ny zavatra hafa rehetra ho ambin-javatra, na dia ny tokantranonareo aza, ny vadinareo lahy, ny vadinareo vavy, ny zanakareo. Na mety ho inona ilay izy, ataovy faharoa izany. Apetraho aloha Andriamanitra. Hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, ambonin'ireo zanako ve?" Ambonin'ny rehetra. Apetraho aloha Andriamanitra. Aoka Izy no ho aloha.

111 Nidina avy teny an-tendrombohitra i Elia, indray andro. Anjely iray izy, iraka iray, irak'Andriamanitra, voahosotra. Ary nahita vehivavy mpitondratena iray izy naka tsorakazo roa. Hoy izy hoe, "Mandehana, anaovy mofo kely aho, ary angalao rano kely aho."

112 Dia hoy izy hoe, "Raha velona koa ny ainao, dia tsy manana afa-tsy mofo kely fotsiny aho, na koba fanaova-mofo kely, hanaovana mofo endasina kely iray. Ary manana diloilo kely fotsiny aho hidirana, hanafangaro azy, ho an'ny famolavolana. Ary maka tsorakazo roa aho." Ny fomba fanao fahiny dia, fomba Indiana izany, mampifanapaka an'ireo tsorakazo ka mandoro azy avy eo afovoany, ary manohy manosika azy hiditra. Efa nanao afon-dasy maro tahaka an'izany aho. Hoy izy, "Ary handeha hahandro an'io mofo kely io aho ho ahy sy ny zanako lahy, ny zazakeliko. Ary hihinana izahay dia ho faty." Nisy haintany nandritry ny telo taona sy enim-bolana tany, tsy nisy rano hatraiza hatraiza.

113 Ity mpaminany henjana, antitra ity, dia nijery nanatrika an'io vehivavy io. Hoy izy hoe, "Mandehana, anaovy mofo iray aho aloha." Baiko iray toy ny inona, ny lehilahy iray miteny amin'ny vehivavy mpitondratena iray, matin'ny hanoanana, mba hamahana azy aloha. Inona no nolazainy? "Fa HOY NY TOMPO HOE, tsy ho foana mihitsy ny tavoara, na ho maina ny siny, mandra-pandefan'Andriamanitra ranonorana amin'ny tany."

Voalohany, Andriamanitra. Niditra izy ary nanao an'io mofo kely io, ary tonga nanome an'izany ho an'ilay mpaminany. Nandeha niverina ary nanendy iray hafa, ary iray hafa, ary hafa, ary hafa. Ary tsy foana mihitsy ilay tavoara, na maina ilay siny, mandra-pandefan'Andriamanitra ranonorana tamin'ny tany. Nametraka an'Andriamanitra alohan'ny zanany izy. Nametraka an'Andriamanitra alohan'ny zavatra hafa izy. Nandray ny Fanjakan'Andriamanitra izy, aloha.

114 Andriamanitra no tsy maintsy mahazo ny toerana voalohany ao am-ponareo, toerana voalohany ao amin'ny fiainanareo, toerana voalohany amin'ny zavatra rehetra izay ataonareo na izay maha-izy anareo. Andriamanitra no tsy maintsy voalohany.

Tsy mila ny toerana faharoa Izy. Tsy mendrika ny toerana faharoa Izy. Mendrika ny tsara indrindra Izy, ary ny voalohany, sy izay rehetra anananareo. Mendrika an'izany Izy. Isaorana anie ny Anarany Masina.

> Fa *Andriamanitra koa dia manao . . . fanambarana,* mijoro vavolombelona izy, *miaraka amin'ireo famantarana sy fahagagana, . . . zava-mahagaga samihafa, ary ireo fanomezan'ny Fanahy Masina, araka ny sitrapony manokana?*

115 Tsy hoe izay lazain'ny olona, izay lazain'ny fiangonana, fa izay sitrapon'Andriamanitra. Oh, mila mikatsaka ny sitrapon'Andriamanitra isika, fa tsy ny fankasitrahan'ny mpiara-monina aminareo, tsy ny fankasitrahan'ireo zanakareo, tsy ny fankasitrahan'ny vadinareo lahy na ny vadinareo vavy. Fa, katsaho ny sitrapon'Andriamanitra, ary ataovy aloha izany. Avy eo ny zavatra hafa rehetra, ny sitrapon'ny vady sy ny sitrapon'ireo zanaka, dia hilahatra ao miaraka amin'izany avy hatrany. Fa, apetraho aloha Andriamanitra.

116 Diniho, ankehitriny.

> *Fa tsy anjely no nampanekeny ny fiainana ho avy, izay lazainay.*

117 Amin'ny teny hafa, ireo Anjely lehibe izay manompo any Andanitra, Gabriela, Mikaela, Zava-mangidy, Anjelin'ny Lanitra an'alinaliny; na ireo mpaminany an'arivony izay teto an-tany, ny tsirairay avy amin'izy ireo; tsy nametraka ny iray tamin'izy ireo hifehy ny fiainana ho avy mihitsy Izy, izay lazaintsika. Na iray aza! Tsy nilaza mihitsy Izy hoe, "Isaia, ianao no hifehy an'izao tontolo izao." Tsy Nampanekeny an'i Elia mihitsy izao tontolo izao. Tsy Nampanekeny an'i Gabriela koa izany, na anjely iray, fanahy manompo iray.

118 Diniho izay nolazainy, Paoly, mbola manandratra an'i Kristy foana, izay resahantsika.

> *Fa ny anankiray dia nanambara tany amin'ny toerana iray, nanao hoe, Inona moa ny olona, no ahatsiarovanao azy? na ny zanak'olona, no* hamangi*anao azy?*
>
> *Ianao* no nanao *azy ho ambany kely kokoa noho ny anjely; ianao* no nampisalotra *azy voninahitra sy* tamin'ny *haja, ary nampanjaka azy tamin'ny asan'ny* tànanao:

119 Ankehitriny, raha tianareo ny hamaky an'izany, izany dia ny Salamo 8:4-6, Davida no niteny. Ankehitriny inona no niantsoany an'i Davida eto? Milamina hatreo izany, teo mihitsy, na marina aho aninkeo maraina, ny amin'ilay mpaminany.

120 Hoy izy hoe, "Fa ny iray tamin'ireo anjely dia nilaza tany amin'ny toerana iray." Davida, ilay irak'Andriamanitra, dia anjelin'Andriamanitra iray, satria izy dia irak'Andriamanitra.

Nilaza ilay anjely, nilaza i Davida, ao amin'ny Salamo hoe, "Ianao no nanao Azy ho ambany kely noho ireo Anjelin'ny Lanitra." Anjely iray no nilaza fa Andriamanitra dia nanao Azy ho ambany kokoa noho ny Anjely iray, mba Ahafahany manisy satroboninahitra Azy; sy mba Ahafahany hijaly sy hanandrana fahafatesana, mba ho voasandratra indray. Mba Ahafahany hanao Azy ho ny. . . handova ny zavatra rehetra an'izao tontolo izao. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

121 Ankehitriny, ao—ao amin'ny Matio 28:18, dia izao no vakiantsika. Rehefa avy nohomboana Izy ka nitsangana indray tamin'ny andro fahatelo, dia nihaona tamin'ireo Mpianany Izy ka naniraka azy ireo handeha hankany amin'izao tontolo rehetra izao, hitory ny Filazantsara amin'ny olombelona rehetra. Hoy Izy hoe, "Efa nomena eto an-Tànako ny fahefana rehetra any An-danitra sy eto an-tany. Ny fahefana rehetra any An-danitra, ny fahefana rehetra eto an-tany, dia efa nomena Ahy." Inona izany? Niray ny olona sy Andriamanitra. Tonga nofo ilay Logos ka novonoina, ary nitsangana indray ho an'ny fanamarinana antsika, ary avy eo dia lasa Imanoela voahosotra mandrakizay sy mandrakizay. Nanova ny Toeram-ponenany Andriamanitra, avy tamin'ny Seza fiandrianana iray tany amin'ny habakabaka tany, nankao am-pon'Ny Zanany, Kristy Jesosy, mba ho velona sy hanjaka mandrakizay. "Tao amin'i Kristy Andriamanitra." Izy no toeram-pitsaharana farany an'ny Fanahy.

122 Nitoetra tao anatin'ny tabernakely iray ny Fanahy, indray andro, fantatrareo izany, tao ambanin'ny tranolay. "Ary nanorina trano iray ho Azy i Solomona. Saingy, na izany aza, dia tsy mitoetra ao amin'ny trano nataon-tànana ny Avo indrindra." "Fa vatana iray no Namboarinao ho Ahy."

123 Ao amin'ny Bokin'ny Asa, ny toko faha-7, rehefa niteny izy, dia hoy izy hoe, "Izy rehetra ireo dia efa nahita mialoha an'Izany. Nanorina tranolay ho Azy izy ireo, Mosesy no nanorina, nanana tranolay iray, ary nametraka ny fiara tao anatiny tao, satria eo amin'ny Sezan'ny Famindrampo Andriamanitra. Tsy nitoetra tao Izy." Eny àry.

124 Avy eo, "Vatana iray no namboarinao ho Ahy," ny vatan'i Jesosy Kristy Tompo, izay natao ambany kokoa noho ny Anjely mba hanandrana fahafatesana; ary tsy iza fa ilay tena avo indrindra amin'ny Avo, Kristy; ilay Andrian'ny Fiadanana, ilay Mpanjakan'ny mpanjaka, ilay Tompon'ny tompo, ilay Mpamorona ny kintana rehetra eny amin'ny habakabaka.

125 O Andriamanitra! Lasa ambany kokoa noho ny Famoronany Izy, mba Ahafahany manavotra ny olona (olona tsy manan-trano, tsy afa-manoatra), ary manome azy ireo trano iray any An-danitra. Nilaozany ireo voninahitry ny Lanitra. Nilaozany ilay Anarana ambony indrindra izay azo antsoina. Ary rehefa teto an-tany Izy, dia nomen'ny olona Azy ny anarana ambany

indrindra izay azon'izy ireo nomena Azy, nanao hoe, "Zazakely iray zazasary Izy, eo am-panombohana." Teraka tao anatin'ny fihinanam-bilona iray, norakofana an'ireo vorodamba avy tamin'ny lamosin-jiogan'omby iray. Tsy nanana toerana handehanana, tsy nanana trano handehanana. Ary nantsoina hoe, "Belzeboba," ilay lohan'ny devoly. Nampijaliana Izy. Nororaina Izy. Noesoina Izy. Nolavina Izy, ary nandeha tao amin'ny hantsana ambany indrindra, ary nanambany tena teo amin'ny "Ilay mpivarotena ratsy indrindra." Izany no nataon'ny olona Taminy.

126 Saingy nanangana Azy tena avo Andriamanitra hany ka tsy maintsy niondrika Izy mba hijery ny Lanitra. Ny olona no nanome Azy ny seza ambany indrindra, nanome Azy ny toerana ratsy indrindra, ny anarana ratsy indrindra. Andriamanitra nanangana Azy ary nanome Azy ny Seza avo indrindra, sy ny Anarana avo indrindra. Izany ilay fahasamihafana teo amin'izay nataon'ny olona tamin'ilay Zanak'Andriamanitra, sy izay nataon'Andriamanitra tamin'ilay Zanak'Andriamanitra.

127 Nanambany tena Izy, mba ahafahantsika hakarina. Lasa isika Izy, mba ahafahantsika ho lasa Izy amin'ny alàlan'ny Fahasoavany. Tonga teo amin'ilay tsy manan-trano Izy, ary Izy tenany no lasa tsy nanan-trano, mba ahafahantsika hanana trano iray. Tonga teo amin'ilay marary Izy ary Izy tenany no natao harary, mba ahafahantsika ho sitrana. Tonga teo amin'ny mpanota Izy, "ary tonga ota, Izy tenany," mba ahafahantsika ho voavonjy.

128 Tsy mahagaga raha nasandratra Izy. Tsy mahagaga raha Izy no Ilay Izy izao hariva izao. Andriamanitra no nanandratra Azy, ka nomena Azy ny fahefana rehetra any An-danitra sy eto an-tany.

129 Rehefa tapitra ny Asany teto an-tany, teto an-tany teto . . . Tonga teto an-tany Izy, vantany vao tonga Izy, dia nanambara Azy ho ny Zanak'Andriamanitra ilay kintan'ny maraina. Nohozongozoniny ny devoly rehetra izay Nifandraisany. Isaorana anie ny Anaran'ny Tompo! Natahotra ireo devoly ary voahozongozona, ka nangataka famindrampo, teo amin'Ny Fanatrehany. Eny, tompoko. Ny helo rehetra dia nahafantatra hoe Iza Izy.

130 Nandeha nanetry tena, tsy nanana toerana iray hametrahana ny Lohany Izy, teo amin'ny alina iray nanorana. Ireo tena biby izay Noforoniny mihitsy, "Ireo vorona eny amin'ny habakabaka dia manana akany, ary ireo amboadia manana lavaka, fa ny Zanak'olona tsy manana toerana iray hametrahana ny Lohany voatahy." Azo antoka, izany Izy.

131 Lasa ota Izy, lasa ambany sy nilaozana. Saingy ireo devoly dia nahafantatra hoe Iza Izy. Niangavy famindrampo izy ireo. Hoy izy ireo hoe, "Nahoana Ianao no tonga hampijaly anay

alohan'ny ahatongavan'ny fotoana." Ary raha mbola niantso Azy ireo mpitory teny hoe, "Belzeboba," ilay mpanao hatsarana; ireo devoly dia niantso Azy hoe, "Ny Zanak'Andriamanitra velona," ary nangataka famindrampo.

132 Oh, ahoana fa afaka hijanona iray minitra fotsiny isika! Iza ianareo, na ahoana na ahoana? Inona no dikan'io asa anananareo io? Na inona no dikan'io trano kely ananantsika io? Inona no dikan'ny fiara ananantsika?

133 Ry zazavavy kely tsara tarehy, ianareo zavatra sahisahy kely io, inona no ataon'io endrika kely izay anananareo ankehitriny io? Ianareo lehilahy tanora miaraka amin'ny volo mangirana, malama, soroka mahitsy; hiforitra ianareo indray andro any, rehefa manjoko miaraka amin'ny taona.

134 Saingy, isaorana ny Tompo! Manana fanahy iray izay nateraka indray ianareo. Ho velona mandrakizay sy mandrakizay ianareo, satria lasa ianareo Izy, mba hahatonga anareo ho lasa Izy amin'ny alàlan'ny Fahasoavany, ary hanamboatra toerana iray ho anareo.

135 Oh, isika izay mihevitra fa manana akanjo ho soloina, ary enta-madinika vitsy ao an-trano, inona moa isika? Afaka maka an'izany ao anatin'ny iray segondra Andriamanitra. Ny tena fofon'ainareo mihitsy dia mipetraka eo an-Tànany. Ary eto afovoantsika Izy hanasitrana ny marary, hanambara sy hilaza, sy hilaza mialoha, ary tanteraka foana. Ary nisahirana betsaka mihitsy aza namerina trondro kely iray, maty ho amin'ny fiainany indray, teto afovoantsika. Jehovah manodidina antsika, Jehovah ao anatintsika, ilay IZAHO NO IZY lehibe sy mahery.

136 Rehefa maty Izy, dia nihevitr'izy ireo fa nahazo Azy. Nidina nankany amin'ny helo Izy. Rehefa niala teto an-tany Izy tamin'io andro izay nanohomboana Azy io, dia nandeha tany amin'ireo faritry ny very Izy. Hoy ny Baiboly hoe, "Nandeha Izy ary nitory teny ho an'ireo fanahy izay tao an-tranomaizina, izay tsy nibebaka tao anatin'ny fahari-po, ireo andron'i Noa." Rehefa maty Izy, ka niala Taminy Ny Fanahiny, dia lasa Logos indray Izy. Izy, hitako, dia nanao hoe, "Avy tamin'Andriamanitra Aho. Hiverina amin'Andriamanitra Aho."

137 Ary Andriamanitra io Andry Afo izay nitarika ny zanaka tany an-efitra io. Ary rehefa teto an-tany teto Izy . . . Ary rehefa maty Izy, dia niverina ho Hazavana iray indray Izy. Nahita Azy i Paoly, ary Hazavana iray Izy. Tsy nisy nahita Azy ny iray tamin'ny sisa tamin'izy ireo. Nahita an'i Paoly nianjera izy ireo. Nisy Zavatra nandona azy, ary Hazavana iray Izany. Hoy i Paoly hoe, "Iza moa Izany enjehiko izany?"

138 Hoy Izy hoe, "Saoly, Saoly, nahoana ianao no manenjika Ahy?"

Hoy izy, "Iza moa Izany?"

139 Hoy Izy hoe, "Izaho no Jesosy, izay enjehinao, ary sarotra ho anao ny hanipaka an'ireo fanindronana."

140 Noho izany dia lasa izy ary nianatra an'io Hazavana io. Niverina tao amin'ny Baiboly i Paoly, mba hahita hoe inona io Hazavana io. Ary nanoratra an'ity Epistily ity izy. Izy no Jehovah tsy miova. Io Hazavana iray ihany io no tany an-efitra niaraka tamin'ireo zanak'Isiraely. Ary rehefa tao an-tranomaizina i Petera, dia Izy no Hazavana iray izay niditra sy nanokatra an'ireo varavarana.

141 Ary nohon'ny Fahasoavany, mba tsy hananan'iza na iza fialan-tsiny. . . Oh, raha afaka nanadino an'ireo iraka tsy nahay namaky teny izy ireo, ka mahatsiaro hoe: tsy ilay iraka no izy, ilay Hafatra no izy. Nidina indray Izy, miaraka amintsika, ao amin'ny endrika Andry Hazavana iray. Ary mihetsika miaraka amin'ireo Fahagagany sy famantarany iray ihany Izy, tsy misy na inona na inona ivelan'ny Baiboly; mijanona tsara miaraka amin'ny Baiboly, mihazona an'izany eo ambanin'ny fampanekena, mamoaka ny Voninahiny, maneho ny Heriny. Isaorana anie ny Anarany Masina!

142 Fantatro fa tsy maintsy mieritreritra ianareo hoe adala aho; saingy, oh, io Fitsaharana Mandrakizay voatahy izay ao anatin'ny fanahiko io. Na dia mifofofofo aza ireo tafio-drivotra, dia mifikitra ao anatin'ny voaly ny vatofantsiko.

143 Ary ny mahita Azy rehefa maty Izy, hany ka, tratry ny fiankohofana nikorontana ny volana. Nilentika teo afovoan'ny andro ny masoandro. Ary rehefa nandeha nankany amin'ireo faritry ny very Izy, [Nandondòna in-efatra teo amin'ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] nandondòna teo amin'ny varavarana, dia nisokatra nisavily ny varavarana. Hoy ny Baiboly hoe, "Nitory teny tamin'ireo fanahy izay tao an-tranomaizina Izy, izay tsy nibebaka tao anatin'ny fahari-po tamin'ny andron'i Noa," rehefa avy maty teto amin'ity tany ity Izy. Ry rahalahiko, ry anabaviko, rehefa maty Izy, dia ny Asany teto an-tany no vita, saingy mbola niasa foana Izy. Ary mbola eo amin'ny asa foana Izy izao hariva izao. Amena.

144 Nandondòna teo amin'ireo varavaran'ny very Izy. Ny Baiboly no nilaza fa nandondòna Izy. Ary nijoro vavolombelona Izy hoe, "Izaho no Taranaky ny vehivavy. Izaho no Izy izay noresahan'i Adama. Izaho no ilay Anankiray izay nolazain'i Enoka fa ho tonga miaraka amin'ireo Olo-masiny an'aliny. Izaho no Zanak'Andriamanitra velona, ary nanota nampanalavitra ny androm-pahasoavanareo ianareo. Fa efa naminaniana taminareo, tamin'ny alàlan'ireo anjely, Enoka, Noa, fa tsy maintsy tonga Aho hanatanteraka ny Teny rehetra an'ny Baibolin'Andriamanitra. Eto aho ho vavolombelona iray ao amin'ity 'tanin'ny very ity.'" Dia nitory teny tamin'izy ireo Izy.

Nanohy nidina tany amin'ny helo Izy, hatreo amin'ireo varavaran'ny helo, nandondòna teo amin'ny varavarana. Ny devoly no nanokatra an'ilay varavarana, nanao hoe, "Azoko Ianao ankehitriny."

145 Nendahany avy teo am-balahany ireo fanalahidy ireo, nanao hoe, "Ianao devoly, efa ela no nihazonanao an'ilay fihamboana foana." Eto izany, eto amin'ny Baiboly eto mihitsy. Ho tonga eo amin'izany aho afaka iray minitra. "Efa ela no nihazonanao an'ilay fihamboana foana, fa tonga Aho hifehy." Norambasany ireo fanalahidy ireo ary nodakany izy hiditra, ka nakatony ilay varavarana.

Nandalo ary naka an'i Abrahama, Isaka, ary Jakoba. Nitsangana Izy tamin'ny andro fahatelo, ary nitsangana niaraka Taminy ireo izay nodimandry tao am-pasana. Oh, haleloia! Tsy mahagaga raha hoy ilay poety hoe:

> Velona, nitia ahy Izy; maty, namonjy ahy Izy;
> Nalevina, nitondra ny otako lavitra Izy;
> Nitsangana, nanamarina maimaimpoana mandrakizay Izy,
> Ho avy Izy indray andro any, oh, Andro be voninahitra.

146 Isaorana anie ilay tady izay mamatotra ny fontsika amin'ny fiombonana Kristiana, ilay fitiavan'Andriamanitra. Rehefa nitsangana Izy, tsy namarana Izy, tsy mbola. Nanana asa betsaka hatao Izy.

147 Hoy ny Baiboly hoe, "Niakatra tany amin'ny Avo Izy ary nizara fanomezana ho an'ny olona." Misy faritra iray mihantona eo ambonin'ny tany, an'ny aizina, an'ny alahelohelo, an'ny fahafatesana, sy hasasarana. Tsy afaka miakatra ireo vavaka, satria tsy mbola vita ny Fanaovam-panavotana. Saingy, nitety an'io voaly io Izy. Nosokafany ny làlana. Nopotehiny ny voalin'ny aretina. Nopotehiny ny voalin'ny fahotana. Nopotehiny ny voalin'ny hasasarana. Nopotehiny ny voalin'ny hakiviana. Nopotehiny ny voaly rehetra, ary nanao làlambe iray ho an'ny olona mpandeha lavitra, miakatra amin'ilay làlamben'ny Mpanjaka. Oh, oadray, rehefa nandalo ny volana sy ireo kintana Izy, nanohy ary nanohy!

148 Nanaraka, Taoriany, dia tonga ireo olo-masin'ny Testamenta Taloha, Abrahama, Isaka, ary Jakoba. Niakatra avy hatrany tany amin'ireo lanitry ny Lanitra izy ireo. Raha mbola lavitra an'ilay Tanàna izy ireo, dia toa hitako izy ireo nanandratra ny masony. Hoy Abrahama hoe, "Io ilay Tanàna izay niriako fatratra ho hita. Oh, avia eto, ry Isaka. Avia eto, ry Jakoba. Oh, mpivahiny sy vahiny isika teny an-tany, fa io ilay Tanàna. Io ilay Anankiray izay nandrasantsika."

149 Ary ny Baiboly dia nilaza fa niantsoantso izy ireo hoe, "Misandrata, ianareo ry vavahady mandrakizay, ary aoka hisandratra ianareo, fa miditra ny Mpanjakan'ny Voninahitra."

150 Dia namaly an'ireto anjely teto ireto ireo Anjely tao ambadiky ny vavahady, ka nanao hoe, "Iza moa izao Mpanjakan'ny Voninahitra izao?"

151 Ary ireto anjely teto ireto, ireo mpaminany, dia nanao hoe, "Ny Tompon'ny Maro, ilay Mahery amin'ny ady."

152 Dia notsindrian'izy ireo ny bokotra ary nisokatra nisavily ilay varavarana goavana. Teo afovoan'ilay làlambe mihitsy no Nahatongavany, ilay Mpandresy, fandresena, niaraka tamin'ireo olo-masin'ny Testamenta Taloha nandeha Taoriany. Nipetraka teo amin'ny Seza fiandrianana, nanao hoe, "Ray, indro izy ireo. Anao izy ireo."

153 Hoy Izy hoe, "Miakara eto ka mipetraha, mandra-Panaoko ny Fahavalonao ho Fitoeran-tongotrao." Raha mamaky isika, dia hitantsika eto amin'ny Soratra eto izany. Eny àry.

154 Henoy. Eo amin'ny andininy faha-8 isika ankehitriny:

> Noho izany dia izy *no nanao ny zavatra rehetra* ho amin'ny *fanekena eo ambanin'ny tongony. Fa . . . izy no nampanaiky ny* zavatra *rehetra ho eo ambanin'*ny tongony, *tsy namela na inona na inona izy izay tsy . . . teo ambaniny. Nefa tsy hitantsika ankehitriny . . . fa efa nampanekena azy ny zavatra rehetra.*

Izany dia, ny fahafatesana. Tsy mahita ny fahafatesana isika, tsy mbola, satria mbola maty foana isika. Mahita ny fahafatesana isika.

Fa, andininy faha-9, "Fa mahita an'i Jesosy isika!" Amena. Henoy.

> *. . . mahita an'i Jesosy isika, izay natao ambany kely kokoa noho ny anjely nohon'ny fitondrana ny fahafatesana, voasalotra voninahitra sy haja; mba hanandrana fahafatesana nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra izy ho an'ny olona rehetra.*

Nahoana Izy no natao ambany kokoa noho ny Anjely? Mba Ahafahany manandrana fahafatesana. Tsy maintsy maty Izy. Tsy maintsy tonga Izy, mba ho faty.

155 Jereo eto, ry sakaiza. Aza, aza adino mihitsy ity. Rehefa lasa Jesosy, niakatra teo amin'ilay havoana, dia nimonomonona nanodidina ny Lohany ny fahafatesana.

156 Ndao isika hanao ny sarintsika ho any Jerosalema, roa arivo taona lasa izay. Ary ahoana no ahafahanareo handà an'Izany? Mandre feo iray aho manerana ny làlambe. Inona izany? Fidondònan-javatra iray izany. Hazo fijaliana mafy iray no manatona, mivoaka an'ireo vavahadin'i Damaskosy, midondòna

amin'ireo kitaontaom-bato. Mbola any foana ireo kitaontaom-bato goavana ireo. Midondòna amin'ireo kitaontaom-bato goavana ireo, boom-boom. Hitako ireo piti-dRà eny eo amin'ilay làlambe. Inona izany? Lehilahy iray izay tsy nanao ratsy izany; tsy nisy afa-tsy ny tsara. Jamba ireo vahoaka. Tsy nahafantatra Azy izy ireo. Tsy nanaiky Azy izy ireo.

Hoy ianareo hoe, "Jamba? Afaka nanana ny fahitany ve izy ireo?"

157 Afaka manana ny fahitanareo foana ianareo nefa jamba. Mino an'izany ve ianareo? Ny Baiboly no niteny an'izany. Tsaroanareo ve i Elisa tany Dotana? Nivoaka izy ary namely ny olona tamin'ny fahajambana, nanao hoe, "Manaraha ahy ankehitriny." Jamba ny aminy izy ireo.

158 Ary jamba ny olona izao hariva izao. Fiangonana iray izay tsy mino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, no nanatona ahy indray mandeha, ka nanao hoe, "Asio fahajambana aho. Asio fahajambana aho." Tao an-tranon-dRahalahy Wright izany. Hoy izy, "Asio fahajambana aho." Hoy izy, "Nanisy fahajambana tamin'ny lehilahy iray i Paoly, indray mandeha." Hoy izy, "Asio fahajambana aho."

159 Hoy aho hoe, "Ry sakaiza, ny devoly no efa nanao an'izany. Efa jamba ianao. Azo antoka, jamba ianao."

160 Hoy izy hoe, "Sitrano ity zazavavy kely ity dia hino anao aho."

161 Hoy aho hoe, "Vonjeo io mpanota io dia hino anao aho." Izany tokoa.

162 "Oh," hoy izy, "izy no tokony hino."

163 Hoy aho hoe, "Zavatra mitovy eto, tsy maintsy avy amin'ny fahasoavan'Andriamanitra masi-mandidy izany."

164 Ny devoly, ilay—ilay andriamanitr'ity izao tontolo izao ity, no nanajamba ny mason'ny olona. "Mana-maso izy ireo fa tsy afaka mahita," hoy ny Baiboly.

165 Indro Izy, miakatra ny làlambe, mitaritarika an'ireo diantongotra feno Rà eo amin'ilay làlana. Nanindrona nanerana Azy ilay *tantelin'*ny fahafatesana, nimonomonona teo Aminy hoe, "Vetivety foana dia ho azoko Ianao." Niha-reraka Izy, nangetaheta rano.

166 Voatifitra aho indray mandeha, nandry tao amin'ilay saha, niraraka avy tao amiko fotsiny ny rà. Niantsoantso rano aho. Ary nihazakazaka ny namako, naka ny kasiketiny ka nametraka an'izany tao anatin'ny rano; tsiboboka tranainy miandrona, no tao anatin'ilay rano. Nanatona izy, ary nihazona ny vavako hisokatra aho; nopotseriny izany. Satria, nifantsitsitra tahaka ny loharano iray ilay rà, teo amin'izay nahavoatifitra ahy ho potipotika tamin'ny basy iray. Nangetaheta!

167 Tamin'izay fotoana izay dia fantatro izay tsy maintsy nahaizy ny Tompoko, rehefa avy nivoa-drà nandritr'io maraina manontolo io, nanomboka tamin'ny sivy ora ka hatramin'ny telo ora ny hariva, nahavery an'io Rà rehetra io. Hitako ny Akanjony, aloha, toy ny hoe nisy pentina bitika kely teo aminy. Ary ireo pentina rehetra ireo dia nanomboka niha-lehibe kokoa ary lasa nitambatra, nanao tasin-dRà goavana be iray, namely Azy teo amin'ny ranjo raha nandeha teo Izy. Izany no Ràn'Imanoela. Oh, tsy mendrika an'Izany ny tany.

168 Fa raha miakatra Izy, dia manindrona manodidina Azy ity *tantely* ity. Inona no nataony? Farany dia notsindroniny Izy.

Saingy, rahalahy, ny olona rehetra dia mahafantatra, fa ny bibikely iray na tantely iray, raha manindrona anareo indray mandeha izy, dia izany no mamarana ny raharaha fanindronana. Tsy afaka manindrona intsony izy. Satria, rehefa miala izy, dia izany no manala ny fanjaitrany.

Izany no antony tsy maintsy nahatonga nofo an'Andriamanitra. Nentiny tao amin'ny Nofony ny fanjaitran'ny fahafatesana, ary Nesoriny ny fanjaitran'ny fahafatesana. Isaorana anie ny Anaran'ny Tompo! Afaka misamonomonona sy manindrona ny fahafatesana, saingy tsy afaka mandratra anareo izy.

169 Paoly, rehefa nahatsapa an'io *tantely* nisamonomonona nanodidina azy io izy, dia nanatona avy hatrany ny fahafatesana. Hoy izy hoe, "O ry fahafatesana, aiza ny fanindronanao?" Afaka nanondro nankany Kalvary izy rehefa tavela tao amin'ny nofon'Imanoela ilay izy. "Aiza ny fandresenao? Fa isaorana anie Andriamanitra izay manome antsika ny fandresena amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy Tompontsika." Eny.

170 Tsy mahita ny zavatra rehetra isika.

> *Fa isika dia* tena *mahita an'i Jesosy, izay natao ambany kely kokoa noho ny anjely satria . . . fiaretana ny fahafatesana, . . .*
>
> *Fa* miendrika *azy, izay ny rehetra—ny zavatra rehetra,* izay *avy amin'ny* ananantsika *ny zavatra rehetra, tany amin'*ny voalohany . . . *zanaka maro* . . . sy natao *ho* lohan'*ny kapitenin'ny famonjena* antsika . . . *tamin'ny* fiaretana.

Ny fomba tokana Ahafahany ho Kapitenin'ny famonjena antsika, dia tsy maintsy niaritra Izy.

171 Henoy ireto Teny tsara tarehy eto ireto ankehitriny. Henoy ankehitriny.

> *Fa izay manamasina sy ireo* izay *nohamasinina dia ny iray . . . ihany:* . . .

Oh, tsy hitanareo ve ilay Voaloboka sy ilay Sampana eo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Iray ihany.

. . .koa izany no tsy mahamenatra azy mba ho antsoina *hoe rahalahy,*

Hitanareo? Nahoana? Henoy, ny andininy manaraka.

Manao hoe, Hitory ny anaranao amin'ny rahalahiko aho, eo afovoan'ny fiangonana no hihirako fiderana *ho anao.*

Ary indray koa hoe, Izaho hatoky azy. Ary indray koa hoe, Indreto izaho sy ireo zaza izay efa *nome*nao *ahy.*

Koa *satria mpandray anjara amin'ny nofo aman-drà ny zaza, dia nandray anjara tahaka an'izany koa ny tenany; mba ahafahany mandringana amin'ny alàlan'*ny *fahafatesana an'*ilay manana *ny herin'ny fahafatesana, izany hoe, ny devoly;*

*Ary hanafaka an'ireo izay tamin'ny. . .*nohon'ny*. . . tamin'ny. . .*nohon'ny *fahafatesana dia* voahazona foana *ho eo ambanin'*ny *fanandevozana.*

172 Natahotra fahafatesana foana ny olona. Lasa ota Kristy, natao ambany, mba handray ny fahafatesana teo amin'ny Tenany. Ary tsy menatra Izy ny ho antsoina hoe ny "Rahalahintsika," satria nalaim-panahy tahaka antsika alaim-panahy Izy. Ary Izy dia afaka manao ny. . .ho ilay karazana mpanelanelana iray marina, satria naharitra an'ilay karazana fakam-panahy izay iaretanareo Izy. Ary naka ny toeranareo Izy, nahafantatra fa tsy afaka haka an'izany samirery ianareo.

173 Noho izany, tsy hitanareo ve, rahalahy, ranabavy? Ilay zavatra manontolo dia fahasoavana. Ny rehetra amin'izany dia fahasoavana. Izany dia tsy izay ataonareo, na ahoana na ahoana. Izany dia izay efa Nataony ho anareo. Ankehitriny, tsy afaka manao zavatra anankiray ianareo ho mendrika ny famonjenareo. Ny famonjenareo dia fanomezana iray. Lasa ota Kristy, mba ahafahanareo ho lasa marina. Ary Izy no karazana Lohan'ny Kapiteny marina iray ho an'ny famonjentsika, satria niaritra tahaka ny niaretantsika mihitsy Izy. Nalaim-panahy tahaka antsika alaim-panahy mihitsy Izy. Ary tsy menatra Izy ny ho antsoina hoe "ny Rahalahintsika," satria Fantany izay iaretantsika. Oh, isaorana anie Ny Anarany!

Fa izy dia tsy naka marina tokoa teo aminy ny endriky *ny anjely; fa naka teo aminy ny taranak'i Abrahama izy.*

174 Oh, oadray! Tsy lasa Anjely iray Izy. Lasa Taranak'i Abrahama Izy. "Ary isika, izay maty ao amin'i Kristy, no maka ny Taranak'i Abrahama, ary mpandova araka ny teny fikasana." Hitanareo? Tsy naka endriky ny Anjely iray mihitsy Izy. Tsy lasa Anjely iray mihitsy Izy. Lasa Olona iray Izy. Lasa Taranak'i Abrahama Izy, ary nitondra ny fanindronan'ny fahafatesana tao amin'ny Nofony Manokana, mba hampihavana antsika indray amin'Andriamanitra, ary ankehitriny dia mipetraka eo

ho Mpanelanelana iray. Oadray, ahoana no ahafahantsika handà an'Izany, ry sakaiza?

175 Henoy.

> *Koa amin'izany dia mendrika azy ny hatao tahaka ny rahalahiny amin'ny zavatra rehetra, mba hahatonga azy ho mpisoronabe mamindra fo sy mahatoky amin'ireo zavatra izay an'Andriamanitra, mba hanao fampihavanana . . . ny* fahotan'*ny olona.*

176 Mba hahatonga Azy ho Mpampihavana! Hitanareo, nisy fifandrafiana teo amin'Andriamanitra sy ny olona. Ary tsy nisy olona . . .

Nandefa an'ireo anjely izy ireo, ireo mpaminany. Tsy afaka naka ny toeranareo izy ireo, satria tsy maintsy nivavaka ho an'ny tenany izy ireo. Tsy afaka naka an'ilay toerana izy ireo.

177 Noho izany, dia nandefa ny lalàna Izy. Ny lalàna no polisy iray izay nametraka antsika tao am-ponja. Izy dia tsy afaka namoaka antsika. Nandefa ny lalàna Izy.

Nandefa an'ireo mpaminany Izy, nandefa an'ireo marina Izy, fa ny zavatra rehetra, dia tsy afaka nanao fanavotana. Fa nidina Izy ary lasa isantsika. Oh, oadray!

178 Maniry aho ny hananantsika fotoana betsaka izao ankehitriny izao, tiako ny hitondra anareo ho eo amin'io lalàn'ny fanavotana io; saingy tsy manana isika, fa vetivety fotsiny. Ao amin'i Rota sy Naomy ilay sary tsara tarehy. Raha ho hitanareo eo, ilay fampihavanana, hoe ahoana fa ilay lehilahy tompon'ny tany, ilay lehilahy izay tsy maintsy hanavotra ny very sy ny fananana lavo, dia tsy maintsy ho havan'ilay olona izay nahavery an'ilay fananana. Izany no antony tsy maintsy nahatonga an'i Boaza ho . . . ho havan'i Naomy, mba ahafahany hahazo an'i Rota. Ary avy eo, dia tsy maintsy ho mendrika izy. Tsy maintsy ho afaka manao an'izany izy, mba hanavotra ny very. Ary Boaza, teo amin'ny vavahady, dia nanome fijoroana vavolombelona ampahibemaso iray, tamin'ny fanatsoahana ny kirarony, hoe nanavotra an'i Naomy izy sy ny fananany rehetra. Ary tsy maintsy ho havana izy.

179 Ary izany no antony hoe Kristy, Andriamanitra, dia tsy maintsy lasa havana ho antsika. Ary nidina Izy ka lasa Olona iray. Ary niaritra ny fakam-panahy Izy. Ary nihomehezana Izy, nesoina, sy nenjehina, ary nodiana tsy fantatra, ka nantsoina hoe "Belzeboba," ary—ary novingavingaina, sy niaritra fahafatesana teo ambanin'ny fanasaziana lehibe. Hitanareo? Tsy maintsy ho havana ho antsika Izy. Tsy maintsy nendrikendrehina Izy, satria endrikendrehina ianareo. Tsy maintsy nitondra ny aretina Izy, satria marary ianareo. Tsy maintsy nitondra ny fahotana Izy, satria fahotanareo izany. Ary tsy maintsy lasa havana Izy. Ny fomba tokana Nahafahany nanavotra antsika dia ny tsy maintsy

ho havana ho antsika. Ary ahoana no nahalasa Azy ho havana, dia tamin'ny nakana endriky ny nofo mpanota ary lasa isantsika. Ary tao amin'izany, dia Izy no nandoa ny vidiny ka nanavotra antsika hiverina ao amin'ny fiombonan'ny Ray. Oh, Mpamonjy iray toy ny inona! Tsy afaka haneho an'izany ireo teny.

> *Fa satria nijaly ny tenany raha* nanaiky, . . . ka *afaka nanampy an'ireo izay nalaim-panahy.*

180 *Manampy* dia midika hoe "mangoraka." Fa, ny antony nahatonga Azy ho *izany*, dia ny Ahafahany ho lasa mangoraka anareo izay . . . manana ny *ambony* sy *ambaninareo*, sy ireo *anatiny* sy *ivelany* kelinareo, ary lasa tena lehibe ireo fakampanahinareo ka zara ianareo raha mahatanty azy. Fantany hoe ahoana no hangorahana anareo. Mipetraka eo Izy, mba hanao fanelanelanana. Mipetraka eo Izy, mba hitia anareo. Ary na dia very làlana aza ianareo, dia tsy hahafoy anareo Izy. Mbola hanenjika anareo foana Izy ary handondòna eo amin'ny fonareo. Tsy misy mpiverin-dàlana iray ato amin'ny tranobe ka tsy mahafantatra fa mandondòna eo amin'ny fony isan'andro Andriamanitra. Ary Hataony izany raha mbola mety maty iray eto amin'ity tany ity foana ianareo, satria efa nitia anareo Izy. Efa nanavotra anareo Izy.

181 Efa nanandrana ireo poety, manandrana ireo mpanoratra, manandrana ny olona haneho an'io lahatsoratry ny "fitiavana" io, fa tsy mety ho hita ao amin'ny fanehoan'olombelona izany. Hoy ny anankiray hoe:

> Oh, ny fitiavan'Andriamanitra, tena manankarena sy madio!
> Tena tsy voarefy sy mahery!
> Haharitra mandrakizay izany,
> Hoy ny hiran'ireo olo-masina sy Anjely.
>
> Raha fenointsika ranomainty ny ranomasimbe,
> Ka lasa horonan-taratasy ireo lanitra;
> Ny taho rehetra eto an-tany ho penina,
> Ary ny olona rehetra ho mpanora-dalàna amin'ny asany;
> Ny manoratra ny fitiavan'Andriamanitra any ambony
> Dia hanao ny ranomasimbe ho maina;
> Na tsy mety ho antonona ny manontolo ilay horonana,
> Na dia hitarina manerana ny lanitra aza.

182 Tsy hahazo mihitsy ianareo. Tsy misy fomba hahazoantsika hoe ahoana fa io fahafoizan-tena lehibe io, izay Nataony, dia nidina ka nampihavana antsika indray tamin'Andriamanitra. Avy eo dia niverina Izy ka nanao hoe, "Ankehitriny, dia tsy hamela anareo ho kamboty Aho. Ho avy indray Aho ka

homba anareo, ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao."

183 Ary eto isika androany, miaina ao amin'ny andro farany, miaraka amin'ilay Jesosy iray ihany, ireo zavatra iray ihany, ireo famantarana iray ihany, ireo fahagagana iray ihany, ny famonjena iray ihany, Fanahy iray ihany izay manao an'ireo zavatra iray ihany, Filazantsara iray ihany, Teny iray ihany, fanazavana iray ihany, fanehoana iray ihany, ny zavatra rehetra. Tsy mety amintsika ny tsy mitandrina an'izao famonjena lehibe izao, satria tsy maintsy hanao tatitra isika, indray andro any, ny amin'izay anaovantsika ny Zanak'Andriamanitra.

184 Eo an-tànanareo Izy izao hariva izao, ry mpanota, mpiverindàlana. Hataonareo inona Izy? Hoy ianareo hoe, "Eny, havelako amin'ny manaraka Izany." Saingy, tsarovy, aza manao an'izany. Tsy misy fomba, mihitsy, raha mpanota iray ianareo, izay ahafahanareo miala amin'ity tranobe ity ka hitovy amin'ny taloha. Tsy afaka manao an'izany ianareo.

185 Pilato, indray alina, dia nanandrana nanao an'izany. Nangataka rano kely izy ary nanasa ny tànany. Hoy izy, "Tsy misy idirako ny amin'Izany. Mitovy fotsiny amin'ny hoe tsy nahita an'Izany mihitsy aho. Tsy nandre ny Filazantsara mihitsy aho. Tsy te-hiditra amin'Izany aho." Afaka nanasa an'Izany hiala teo amin'ny tànany ve izy? Tsy afaka izy.

186 Farany, fantatrareo ve izay nitranga tamin'i Pilato? Very ny sainy. Ary any Soisa any, izay nisy anay tamin'ny taondasa, nitory ny Filazantsara, ankehitriny dia misy angano fahiny iray izay nilaza, fa, misy dobon-drano iray any, izay ahatongavan'ny olona avy any amin'izao tontolo rehetra izao, mba handinika, isan-taona, amin'ny fotoan'ny fanohomboana. Pilato, nandentika ny tenany ho faty izy, tamin'ny fanaovana famonoan-tena, nitsambikina tao anatin'io rano io ary nandentika ny tenany. Ary isan-taona, amin'io andro io ihany, dia misy rano manga mangotraka mivoaka avy ao amin'io dobo io, mba haneho fa nandà an'ilay rano Andriamanitra. Tsy afaka manasa ny Ràn'i Jesosy hiala amin'ny tànanareo na ny fanahinareo ny rano. Fomba tokana ihany no hanaovana an'izany, izany dia ny manaiky an'Izany ho famelàna anareo manokana ka hihavana amin'Andriamanitra.

Ndao isika hivavaka.

187 Ray any An-danitra, misaotra Anao izahay izao hariva izao nohon'ny Teny. "Fa ny finoana dia avy amin'ny fandrenesana, ary ny fandrenesana dia avy amin'ny Teny." Misaotra Anao izahay ny amin'i Jesosy. Ary raha mahita an'ity andro lehibe izay iainanay ity izahay, ahoana ireo famantarana sy fahagagana, ahoana fa navelanay hiala ireo zavatra ireo. Andriamanitra, sokafy ny mason'ny olona ato amin'ity tabernakla ity, izao hariva izao, mba ahafahan'izy ireo mahita sy mahazo fa ao

amin'ireo ora farany izahay. Miha-fohy ny fotoana. Tsy haharitra ela eto intsony izahay, fa tsy maintsy hahita an'i Jesosy. Ary tsy maintsy ho isaina ho mpamadika izahay, satria tsy misy fialan-tsiny. Aninkeo maraina, rehefa Nomenao ilay fahitana lehibe, mahery, ny amin'ilay lehilahy izay tonga teto, avy tany amin'ny firenena lavitra tany; ary ny mahita azy, any ankoatry ny aloky ny fisalasalana, nitsangana avy teo amin'ilay seza misy kodiarana, nahazo ny fahitany. Lasa natanjaka ireo tongony, nitety ny tranobe, nifaly sy nidera an'Andriamanitra. Izany no maneho fa Andriamanitra dia mbola afaka manangana zanaka ho an'i Abrahama foana amin'ireto vato ireto. Ny mahita an'ireo fahitana, tahaka ny nolazain'i Jesosy hoe, "Tsy manao na inona na inona Aho afa-tsy izay asehon'ny Ray Ahy. Tsy afaka manao na inona na inona Aho."

188 Nanaraka Azy ilay lehilahy jamba, ka nanao hoe, "Mamindrà fo aminay."

189 Nilaza Izy, nikasika ny mason'izy ireo ka nanao hoe, "Araka ny finoanareo, dia ho atao aminareo anie izany."

190 Ankehitriny, Tompo, mahita an'i Jesosy izahay. Tsy mahita ny zavatra rehetra izahay. Hitanay fa mbola mitondra ny masina indrindra aminay mankany am-pasana foana izahay, ary manitsaka eo ambonin'ny fasan'ny hafa. Fa mahita an'i Jesosy izahay, izay nanao ny teny fikasana. Mahita Azy miaraka aminay izahay. Tsy Jesosy ao am-pasana, tsy Jesosy roa arivo taona lasa izay; fa Jesosy izao hariva izao, izay miaraka aminay. Mahita Azy voaseho ao amin'ny Heriny rehetra izahay, sy ireo famantarana, ary ireo fahagagana.

191 Andriamanitra, enga anie tsy ho izahay mihitsy no tsy hitandrina an'izao Famonjena lehibe izao. Fa enga anie izahay hamihina an'Izany, sy hanaiky an'Izany, ka hanaja, sy hiaina amin'Izany mandra-pihavin'i Jesosy haka anay any an-Trano. Ekeo izany, Tompo. Mangataka an'izany amin'Ny Anarany izahay.

192 Ary raha mbola manondrika ny lohantsika isika, dia manontany aho raha misy olona iray ato amin'ny tranobe izao hariva izao, eo ambanin'ny Fanatrehana Masin'ny Fanahy Masina, izay hanao hoe, "Rahalahy Branham, resy lahatra aho fa diso aho. Resy lahatra aho fa diso aho. Andriamanitra no nanambara tamiko ny fahotako. Ary fantatro fa diso aho. Hanangana ny tànako Aminy aho ka hangataka famindrampo, izao hariva izao. Andriamanitra, mamindrà fo amiko. Diso aho." Hanao an'izany ve ianareo?

193 Raha mbola miandry vetivety isika, raha misy olona iray ato izay maniry, dia hisy fanaovana batisa hiseho ao anatin'ny fotoana fohy. Ka raha mpanota iray ianareo, dia hibebaka aho. Ahoana no ahafahanareo handà fitiavana tsy manan-tsahala tahaka an'izany an'ny Anankiray izay maty? Lasa Olona

mpanota iray ilay Andriamanitry ny Lanitra masina; satria tsy hoe nanota Izy, fa satria naka ny fahotanareo Izy, ary nitondra azy ireny tany Kalvary tany. Ka tsy hanaiky an'izany famelàna izany ve ianareo? Tsy hanao an'izany ve ianareo izao hariva izao? Raha mbola manondrika ny lohantsika isika, dia aoka ny olona hanao hoe, "Tsarovy aho, Rahalahy Branham. Manangana ny tànako amin'i Kristy aho, ka manao hoe, 'Mamindrà fo amiko. Izaho, diso aho, ary te-hihavana amin'Andriamanitra.'" Hanangana ny tànanareo ve ianareo?

Eny àry, raha Kristiana ny rehetra, amin'izay fotoana izay, dia ndao isika hivavaka.

194 Ray, misaotra Anao izahay izao hariva izao, fa Kristiana ny rehetra ato, ka nanambara an'izany tamin'ny fijanonana hangina izy ireo, hoe ny fahotan'izy ireo dia eo ambanin'ny Rà daholo. Ary tena mankasitraka aho ny amin'izany. Tahio izy ireo, Tompo. Oh, tena faly aho fa nahita fihavanana tamin'ny alàlan'ny fanatitry ny Rà izy ireo, tamin'ny fandrenesana ny Teny. Ny fanasan'ny rano, amin'ny alàlan'ny Teny, Izany no manadio anay. Izany no mitondra anay eo amin'ilay toerana lehibe indrindra, izay—izay misy an'ilay mpanota, niaraka tamin'ny aiziny ratsy, natao ho fotsy toy ny oram-panala. Ireo pentimpentim-pahotana jaky dia efa voasasa, ka olombaovao ao amin'i Kristy izahay. Toy ny ahoana no isaoranay ny amin'izany, Anao, ho an'izany.

Ankehitriny dia hanomboka ny fotoan'ny batisa. Azoko fa io ramatoa tanora io, izao hariva izao, dia tokony hatao batisa eto, amin'ny Anaran'ny Tompony.

195 O Ray any An-danitra, mivavaka izahay mba Hitahianao an'io vehivavy tanora io. Toy ny ahoana no iverenan'ny saiko mankany amin'ny andro vitsy lasa fotsiny izay, tonga tany Henryville ka nahita an'io zazavavy kely maha-te-ho tia io nandeha teny an-dàlambe tany. Ary izao hariva izao, dia reny iray izy, ramatoa iray. Nanaiky Anao ho Mpamonjiny manokana izy. Efa sarotra ny fiainana ho an'ilay ankizy, Tompo, O Andriamanitra, saingy azo antoka ny Lanitra iray ho azy. Ary misaotra Anao izahay ny amin'izany. Mivavaka izahay, Andriamanitra, mba Hitahianao an'ilay vehivavy tanora ankehitriny. Ary raha manatona mba hatao batisan'ny rano izy, dia enga anie Ianao hameno azy ny Fanahy Masin'Andriamanitra. Ekeo izany, Tompo. Enga anie ny fanahiny ho tena hientanentana mihitsy, hatrany An-danitra! Ekeo izany ho an'ny Voninahitrao. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

[Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

196 Te-hamaky avy ao amin'ny Asa aho, ny toko faha-2; Petera no miteny, tamin'ny Andron'ny Pentekosta, ilay batisa voalohany izay hany natao tao amin'ny Fiangonana Kristiana.

Petera, mananatra an'ireo Fariseo sy ireo vahoaka jamba, nohon'ny tsy fanekena ny Zanak'Andriamanitra; miteny ny amin'ny hoe ahoana fa Andriamanitra no nanangana Azy, ary nanaporofo an'ireo Asany, tamin'ny famantarana sy fahagagana. Henoy ity, raha miteny izy. Nanandratra an'i Jesosy izy.

197 Ny fanahin'ny Kristiana rehetra dia manandratra an'i Jesosy, tsy amin'ny molotrareo fotsiny ihany, fa amin'ny fiainanareo. Afaka milaza zavatra iray ny molotrareo, fa ny fiainanareo milaza iray hafa. Raha manao an'izany ianareo, dia fantatrareo ve hoe inona izany? Fihatsarambelatsihy izany. Ary aleoko manatrika ny Lanitra ho toy ny tsi-mahatoky iray toy izay mpihatsaravelatsihy iray. Hahazo ny anjarako tsaratsara kokoa aho, mino aho, any An-danitra, amin'ny—amin'ny maha-tsi-mahatoky iray, noho ny maha-mpihatsaravelatsihy iray. Izaho tokoa . . . Raha mijoro vavolombelona ho an'i Jesosy ianareo ka manao hoe "Izy no Mpamonjiko," dia miainà tahaka an'izany, satria hanantena an'izany hivoaka avy aminareo ny olona. Marina izany. Miainà tahaka ny tokony iainan'ny Kristiana iray. Efa nandalovantsika izany aninkeo maraina.

198 Ankehitriny, raha sitraky ny Tompo, rahampitso hariva, na . . . Alarobia hariva, dia handray an'ity toko faha-3 ity isika, izay toko iray mahafinaritra. Ary ankehitriny, aoka hanana antoka ny hiezaka ho tonga amin'ny Alarobia hariva. Firy no mankasitraka an'ity Boky ity, an'ity fampianarana sekoly Alahady ity? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Oh, misaotra anareo betsaka. Mahafinaritra izany.

199 Ankehitriny, dia tiako ny hamaky avy ao amin'ny Asa ankehitriny, ny toko faha-2, manomboka amin'ny andininy faha-32.

> *Izany Jesosy izany* dia *efa natsangan'Andriamanitra, ary izahay . . . no vavolombelona.* (Fantatr'izy ireo izany.)
>
> *Koa rehefa nasandratry ny tànana ankavanan'Andriamanitra, ary nandray tamin'ny Ray ny teny fikasan'ny Fanahy Masina, Izy* no *nampilatsaka an'izao, izay hita*nareo *sy renareo ankehitriny.*

200 Ankehitriny dia henoy izy miresaka ny amin'i Davida, iray amin'ireo anjely.

> *Fa tsy Davida no niakatra tany* an-danitra*: fa izy no* nilaza *tamin'ny tenany hoe, Ny* TOMPO *no nilaza tamin'ny Tompoko hoe, Mipetraha eo an-tànako ankavanana,*
>
> *Mandra-panaoko an'*ireo fahavalonao *ho fitoeran-tongotrao.*

Tsy afaka niakatra i Davida; teo ambanin'ny ràn'ombivavy mena nararaka izy, sy osilahy, ary ondry. Fa ankehitriny

dia afaka niakatra izy; teo ambanin'ny Ràn'ny Tompo Jesosy izy. Satria mamaly fotsiny ihany an'io Rà io izy ireo rehefa nampiharina Izany. Rehefa nampiharina ny Ràn'i Kristy, ireo rehetra izay maty tao anatin'ny fankasitrahana tsara, no nitsangana, marina izany, ary niakatra nankao amin'ny Voninahitra.

201 Henoy ankehitriny.

> *Koa aoka ho fantatry ny ankohonan'ny Isiraely rehetra*. . .(Henoy ity.). . .*fa Andriamanitra* dia *nanao an'*iny *Jesosy iray iny ihany, izay* ianareo. . . *nohomboanareo, ho Tompo sy Kristy.*

Ahoana ny amin'izany? Olona fahatelon'ny trinité ve Izy, sa Izy no ilay trinité manontolo? Izy no fahafenoana manontolo ny maha-Andriamanitra, ara-batana.

202 Tsy misy izany karazana Andriamanitra telo izany: Andriamanitra ilay Ray, Andriamanitra ilay Zanaka, ary Andriamanitra ilay Fanahy Masina. Tsy ao anatin'ny Soratra akory aza izany, na aiza na aiza. Na aiza na aiza izany. Na aiza na aiza dia tsy nodidiana mihitsy isika hanao batisa hoe, "Amin'ny anaran'ny Ray, sy amin'ny anaran'ny Zanaka, ary anaran'ny Fanahy Masina," tsy ao anatin'ny Soratra na aiza na aiza. Fanekem-pinoana Katolika izany, ary tsy ho an'ny fiangonana Protestanta. Hangataka amin'ny olona rehetra aho mba haneho amiko Soratra iray izay nisy olona iray hany natao batisa tamin'ny fomba hafa afa-tsy tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo. Avia, asehoy ahy izany, dia hametraka marika iray aho ao an-damosiko hoe, "Mpihatsaravelatsihy iray, sy mpaminany sandoka iray, mpampianatra sandoka iray," ka handeha manerana ny làlambe. Tsy misy ny zavatra tahaka an'izany. Tsy nisy olona mihitsy natao batisa tahaka an'izany. Fanekem-pinoana Katolika iray izany, fa tsy foto-pampianarana Protestanta.

203 "Matio 28:19," hoy ianareo, "nilaza Jesosy hoe, 'Mandehana ianareo noho izany any amin'izao tontolo rehetra izao, ampianaro ny firenena rehetra, manaova batisa azy ireo amin'ny Anaran'ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina.'" Marina izany.

Fa tsy hoe, "Amin'ny anaran'ny Ray, anaran'ny Zanaka, anaran'ny Fanahy Masina." Ny *Anaran'*ny Ray, ny *Anarana* (fa tsy ireo anarana), an'ny Ray. . .

Ray dia tsy anarana. Firy no mahafantatra an'izany? Misy ray firy eto? Atsangano ny tànanareo. Misy zanaka firy eto? Atsangano ny tànanareo. Misy olombelona firy eto? Atsangano ny tànanareo. Eny àry. Ankehitriny, iza no anaranareo? Tsy hoe ray, zanaka, na olombelona.

204 Nisy vehivavy iray nilaza tamiko indray mandeha, izay triteista sarotiny, hoy izy hoe, "Ranadahy Branham, fa anarana ny Fanahy Masina."

205 Hoy aho hoe, "Tsy anarana ny Fanahy Masina. Ny Fanahy Masina dia izay maha-izy Azy. Izy no Fanahy Masina." Tsy anarana iray; izany no maha-izy Azy. Olombelona iray aho, saingy ny anarako dia tsy olombelona. Ny anarako dia William Branham. Noho izany, raha hoy Izy hoe, "Mandehana ianareo noho izany, ampianaro ny firenena rehetra, manaova batisa azy ireo amin'ny *Anaran'*ny Ray, sy ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina."

206 Avy eo Petera, folo andro taty aoriana, dia nanao hoe, "Mibebaha!" Ankehitriny, eto, henoy ity.

> Ary *rehefa nandre an'izany izy ireo, dia voatsindrona* tao *am-pony, ka nanao tamin'i Petera sy. . .ny sisa tamin'ireo apostoly hoe, Ry lehilahy sy rahalahy, inona no hataonay*?
>
> *Dia hoy i Petera tamin'izy ireo hoe, Mibebaha,* ny tsirairay avy aminareo, ary *aoka hatao* batisa *amin'ny anaran'*ny Tompo *Jesosy Kristy ho famelàna* ny *fahota*nareo*, ary* ianareo *handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina.*

207 Noho izany dia nanao an'izay notenenin'i Jesosy taminy mba tsy hatao ve i Petera? Tsy nikorontana izy. Isika no mikorontana.

208 Ao amin'ny Asa 2:38, ireo Jiosy dia natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo, tamin'ny fanitrihana.

Ao amin'ny Asa, ny toko faha-8, dia hitantsika fa nandeha i Filipo ka nitory teny tamin'ireo Samaritana, ka nanao batisa azy ireo tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo, ireo Samaritana.

Ao amin'ny Asa 10:49, nandidy an'ireo Jentilisa mba hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo i Petera.

209 Paoly, Asa 10:5, "Nitety ny morontsiraka ambony an'i Efesosy izy, nahita an'ireo mpianatra izy." Mpianatra Batista izy ireo; dia, ny tsirairay avy, Batista. Niova fo teo ambanin'ny mpitory teny Batista iray izy ireo amin'ny anarana hoe—hoe, hitanareo, Apolosy. Ary mpitory teny Batista iray izy, "Ary nanaporofo tamin'ny alàlan'ny Baiboly fa Jesosy no Kristy."

Hoy i Paoly hoe, "Efa noraisinareo ve ny Fanahy Masina fony ianareo vao nino?"

210 Hoy izy ireo hoe, "Tsy fantatray na misy ny Fanahy Masina."

211 Hoy izy, "Noho izany dia toy ny ahoana no nanaovana batisa anareo?"

212 Hoy izy ireo hoe, "Natao batisa tamin'ilay lehilahy iray ihany izay nanao batisa an'i Jesosy izahay, ilay lava-drano etsy. Ampy tsara izany."

213 Hoy i Paoly hoe, "Tsy hety izany ankehitriny. Tsy maintsy hatao batisa, indray ianareo." Dia nandidy azy ireo i Paoly mba hatao batisa, indray, tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo.

Nametra-tànana teo amin'izy ireo izy, dia tonga teo amin'izy ireo ny Fanahy Masina. Marina. Eny, tompoko.

Hisy Hazavana amin'ny andro hariva,
Ny làlan'ny Voninahitra dia azo antoka fa ho hitanao;
Ao amin'ny làlan'ny rano, izany no Hazavan'izao andro izao,
Voalevina ao amin'ny Anarana sarobidin'i Jesosy.
Tanora sy antitra, mibebaha amin'ny fahotanareo rehetra,
Ny Fanahy Masina dia azo antoka fa hiditra ao;
Tonga ilay Hazavan'ny hariva,
Tena zava-misy fa Andriamanitra sy Kristy dia iray.

214 Izany no nolazain'ny Baiboly. Marina izany. Izao no ora, izao no fotoana izay tokony ibebahantsika.

215 Teneno, miantsoantsoa rehefa vonona ianareo, ao amin'ny dobo. Ary izahay dia . . . [Hoy ny rahalahy iray hoe, "Vonona izahay."—Mpand.] Vonona ve ianareo? Eny àry, hisintona an'ireo lamban'efitra.

216 Ankehitriny, ny Tompo hitahy anareo ankehitriny, raha manao ny batisa ny rahalahy. Afaka mahita ve ianareo rehetra eto? [Manao batisa an'ireo mpino Rahalahy Orman Neville—Mpand.]

Hebreo, Toko Faharoa 2 MAG57-0825E
(Hebrews, Chapter Two 2)
Andian'Ny Bokin'Ny Hebreo

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alahady hariva, 25 Aogositra 1957, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org